


**VISITE PASTORALE AUMONERIE CATHOLIQUE  
UNIVERSITAIRE ANTSIRANANA (22-09-16)**  
**TORITENY - ALAHADY TRINITE MASINA - TAONA D**



***"Tahaka ny Trinité Masina izay fiombonana mivelatra  
fa tsy mikombona ka namonjy atsika olombelona no aoka  
hiombonantsika ato amin'ny ACUA "***

**Vakiteny I : Oh. 8, 22-31**

**Salamo : Sal. 8**

**Vakiteny II : Rôm. 5, 1-5**

**Evanjely : Jo. 16, 12-15**

Pantekôty vaovao ho antsika izao. Entanin'ny Fanahy Masina isika hanavao an'izao tontolo manodidina atsika. Tsy hoe hanao "magie" isika ka ny angira ho entintsika hanasaraka ny ranomasina tahaka ny nataon'i Moizy fa hamela atsika hiasa ny Fanahy Masina ary izay ny dikan'ity taona Famindram-po ity dia ny hamelantsika ny Fanahy Masina hiasa ao anatintsika. Lazain'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (*Rôm. 5, 1-5*) hoe ny Fanahy Masina nomena atsika no handrotsaka ny fitiavana ao amintsika, izany hoe : ny fontsika honenan'ny Fanahy Masina sy ho tempolin'ny Fanahy Masina ka isika ato amin'ny ACUA no haneho an'izay. Hanova ho FO ny fo vato mety manimba ny tontolo manodidina

atsika. Tsy isika tokoa fa ny fahasoavan'Andriamanitra no miaraka amintsika no hanavao an'izay tontolo izay. Ny fahasoavan'Andriamanitra tsy afaka hiasa irery fa miaraka amintsika izy, ary isika raha matahotra dia tsy hahavita n'inoninona , ary rariny izay. Fa tsy isika fa ny fahasoavany no miaraka amintsika ary indrindra ry Kristianina havana matetika aho miteny hoe tsy kisendrasendra fa atoron'Andriamanitra amintsika ny sitrany, tsy inona fa izao famangiana pastoraly izao dia ao anatin'ny fankalazana ny Trinité Masina. Marina mety manahirana fa indrindra isika manam-pahaizana na i Thomas d'Aquin aza sahiran-tsaina nandinika ny ministerin'ny Fanahy Masina, tsy izay maha mistery azy no tiako hifampizarana amintsika amin'izao fampianarana ataoko izao sy ny fampaherezana atsika hiatrika ny tontolo iainantsika. Ny "point important" amin'ny Trinité Masina dia ny fiombonann'ny Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina na samy hafa izy ireo, hafa ny Ray, hafa ny Zanaka, hafa ny Fanahy Masina nefo Olo Araiky izy ireo. Tahaka izany koa isika samihafa fiaviana misy ny avy any Antsinanana, Andrefana, avy any Avaratra sy Atsimo nefo natambatra ho iray isika, harena anankiray izay. Harena ny olona satria misy vatana, misy tanana, misy saina sy FO nefo mitambatra ho iray. Tahaka izany koa isika ao amin'ny Trinité Masina, io fahasamihafantsika io toy izay ho zary source de violence na division, " la différence est une richesse" raha fantantsika ny manararaotra an'izany.

HARENA NY HARENA raha mamokatra , raha haintsika ny mampamokatra azy.

Ny harena tsy mamokatra raha tsy mamokatra ho an'ny Be sy ny maro.

Tahaka ny Trinité Masina fiombonana mivelatra fa tsy mikombona ka namonjy atsika olombelona ny fiombonantsika eto amin'ny CUA zary fanànana lehibe fa indrindra anareo manam-pahaizana, harena rehetra avy amin'ny fiavantsika tsirairay avy zary fahasoavana tahaka ny Trinité Masina, tsy mikombona fa mivelatra ka mahavonjy atsika. Zary famonjena ho antsika ny fiavantsika sy fahasamihafana io raha ho entintsika hanasoa ny be sy ny maro.

Araka ny nampianaran'i Md Paoly sy hantitranterin'i Kristy amintsika tsy maintsy resena ny fitiavan-tena. Ao no fototry ny aretina rehetra manapotika atsika sy ny tontolo manodidina atsika dia noho ny fitiavan-tena dia mipoitra ny fialonana, ny avonavona, ny fitapitaka ny lainga, io no tsy maintsy fongorina ka hibanjina bebe kokoa ny fitiavan'Andriamanitra isika. Izay no antony mahatonga ny Papa hiantso ny taona masina famindram-po izao mba ilay fitiavan'Andriamanitra no honena ao am-pontsika tsirairay avy ka amin'izay hikatsaka izay hahasoa ny be sy ny maro ny tsirairay. Raha soa ny be sy ny maro dia hivoatra ny fiainantsika dia hihatsara hatrany, hivelona ny maha-olona isika ary izay ny fahendrena ampianarin'ny bokin'ny Ohabolana amin'ny vakiteny voalohany (*Oh. 8, 22-31*) ny fahendrena tena izy ary fantatr'i Md Thomas d'Aquin mpiaro ny aumonerie ntsika izay. Matoa isika nify azy ho mpiaro dia hiezaka hanovo ny tena fahendrena. Ary ny tena fahendrena dia ny hahatonga atsika ho olona manontolo, olona feno tahaka ny maha-tokana ny Ray, ny Zanaka, ny FANAHY MASINA. Ho olona feno ara-tsaina, ara-panahy, ara-nofo isika eto hanana ny fivelarana manontolo sy ny olona manontolo eto anivon'ny ACUA. Ka ny tontolo mety hitantsika manjavozavo, manahirana dia hiroso amin'izay fiainam-baovao.

Mety ho sarotra takarina izany nefà araka ny voalazan'i Md Thomas d'Aquin raha nampianatra ny fahaiza-miaina sy ny fitondran-tena izy dia ambara mazava tsara ny izay idéal ho tratrarinatoy izay tsy mazava ny idéal ka sarotra hotratrarina. Anjarantsika ary no tompon'andraikitra, tsy zaza intsony isika fa efa olon-dehibe ka handray an-tànana an'ity aumonerie ntsika ity ary efa manao izany isika amin'ny alalan'ny fikambanana masina, ny firohotana sy ny fanentanana isan-karazany, ny vavaka ataontsika amin'ny cellule de prières, amin'ireny fivoriana maro samihafa. Efa mandray an-tànana isika hiroso lalindalina kokoa ary isika izao ary matoky aho fa hanampy atsika ny tompon'andraikitra rehetra satria ny tsara no katsahintsika ka tsy maintsy hikarakarainy izay trano aumonerie izay ho FO hamelona an'ity Centre universitaire ny Antsiranana ity. Tsy ho ela dia ho tanteraka izay faniriantsika izay ka ho hisy FO hamelona ity CUA ity ary tsy iza ny FO fa isika tsirairay samy mitondra ny harenantsika tahaka ny TRINITE MASINA hiombona isika hanatsara hanavao handavorary an'ity tontolo hiainantsika ity. AMEN

